# “Rehefa mandeha any amin’ny kabone ianareo, dia aza mitodika any amin’ny Kiblat ary aza miamboho azy, fa aleo miantsinanana na miankandrefana.”

Tatitra azo avy tamin'i Abo Ayòb (R.A), niteny i Mpaminany (S.W.A) manao hoe : “Rehefa mandeha any amin’ny kabone ianareo, dia aza mitodika any amin’ny Kiblat ary aza miamboho azy, fa aleo miantsinanana na miankandrefana.” Hoy i Abo Ayob : “Rehefa tonga tany Shami izahay dia nahita ireo kabone namboarina nitodika tany amin'ny kiblat, ka novainay izany ary mangataka famelan-keloka tamin’I Allah Ilay Tsitoha.
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Noraran'ny Mpaminany (S.A.W) ny olona te hanala ny mavesatra aminy toy ny amany sy tay mba tsy hitodika any amin'ny Kiblat makany amin'ny Ka'ba, ary tsy miamboho azy ka nanao azy ao aoriany; Fa tsy maintsy miala amin'izany mankany atsinanana na andrefana izy raha toa ka mitovy amin'ny kiblat an'ny mponin'i Madina ny kiblat eo aminy. Avy eo nilaza i Abo Ayob (R.A) fa rehefa tonga tao Siria izy ireo dia nahita fa ny trano fivoahana nomanina ho an'ny fanalana zava-mavesatra dia naorina manatrika ny Ka'ba, noho izany dia nampihodina ny vatany hiala teo amin'ny Kiblat izy ireo, avy eo dia nangataka famelan-keloka amin’I Allah.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3078